



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY PASIONA SY NY FITSANGANANA AMIN'NY MATY (Lio.)
– PASSION ET RESURRECTION (Luc)

Talata 3 nôvambra 2020
Mardi 3 novembre 2020

NY TENDROMBOHITRA OLIVA SY NY FANDAVANA (Lio. 22, 39-53)
– LE MONT DES OLIVIERS ET LE RENIEMENT (Luc 22, 39-53)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :

« Raiko ô, raha sitrakao, dia esory Amiko ity kapoaka ity ! Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao » (Lio. 22, 42) – « Père, si Tu voulais éloigner de moi cette coupe ! Toutefois, que ce ne soit pas ma Volonté qui se fasse, mais la Tienne » (Luc 22, 42).

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Teny fampidirana – Introduction :

1. Ny Pasiona sy ny Fitsanganana amin'ny maty, araka ny Lio.. – *Passion et Résurrection, selon Luc.*
2. Ny tendrombohitra Oliva sy ny fandavana, araka ny Lio. 22, 39-53 – *Le Mont des Oliviers et le reniement, selon Luc 22, 39-53.*
3. Drafitra – Plan :
 - and. (vv.) 39-46
 - and. 47-51
 - and. 52-53

Hira (Cantique) 242, 1-2 : Misaotra Anao izahay, ry Ray :

1. Misaotra Anao izahay, ry Ray !
Fa tsy nafenina anay,
Izay tena sitrakao tokoa
Mba hahazoanay ny soa.

2. Ka mitariha anay izao
Handray ny toro-hevitrao
Izay lazain'ny teninao
Hanaovanay ny sitrakao.

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : Lio. 22, 39-46 :

39 Ary nivoaka i Jesosy, koa araka ny fanaony dia nankao an-tendrombohitra Oliva Izy, ary ny mpianatra koa nanaraka Azy. 40 Ary raha vao tonga amin'izany tany izany, dia hoy Izy taminy : « Mivavaha mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy ». 41 Ary Izy nihataka taminy tokony ho indray mitora-bato, dia nandohalika ka nivavaka hoe : 42 « Raiko ô, raha sitrakao, dia esory Amiko ity kapoaka ity ! Nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao ». 43 Ary nisy anjely avy tany an-danitra niseho teo aminy ka nampahery azy. 44 Ary fadiranovana Izy, ka dia nivavaka mafimafy kokoa. Ary ny dininy dia tahaka ny ra nipotrapotraka tamin'ny tany. 45 Ary nony nitsangana avy nivavaka Izy, dia nankeo amin'ny mpianatra ka nahita azy matorin'alahelo. 46 Dia hoy Izy taminy : « Nahoana no dia matory ianareo ? Mitsangàna, ka mivavaha, mba tsy hidiranareo amin'ny fakam-panahy ».

39 Il sortit et se rendit comme d'habitude au mont des Oliviers. Ses disciples Le suivirent. 40 Lorsqu'il fut arrivé à cet endroit, Il leur dit : « Priez pour ne pas céder à la tentation ». 41 Puis Il s'éloigna d'eux à la distance d'environ un jet de pierre, se mit à genoux et pria 42 en disant : « Père, si Tu voulais éloigner de moi cette coupe ! Toutefois, que ce ne soit pas ma Volonté qui se fasse, mais la Tienne ». 43 [Alors un ange Lui apparut du ciel pour Le fortifier. 44 Saisi d'angoisse, Jésus priait avec plus d'insistance, et sa sueur devint comme des caillots de sang qui tombaient par terre]. 45 Après avoir prié, Il se releva et vint vers les disciples, qu'Il trouva endormis de tristesse. 46 Alors Il leur dit : « Pourquoi dormez-vous ? Levez-vous et priez pour ne pas céder à la tentation ».

Fanamarihana 1 : – Commentaires 1 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mana-manjo - pour les endeuillés
- ho an'ireo izay ao anatin'ny adin-tsaina – pour ceux qui sont tourmentés par des problèmes

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 244, 1 sy 4 : Ry Jeso, mba henoinao :

1. Ry Jeso, mba henoinao
Ny feonay mpanomponao,
Izay mivavaka aminao

Mitady fitahiana.

4. Omeo fo mazoto re,
Tolory fahendrena be,
Tarihonao ny hevitrany,
Tendreo koa ny molotray.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : Lio. 22, 47-51 :

47 Ary raha mbola niteny i Jesosy, indreo, tamy ny vahoaka, ary ilay atao hoe Jodasy, isan'ny roa ambin'ny folo lahy, dia nandeha teo alohany ka nanatona an'i Jesosy hanoroka Azy. 48 Fa hoy i Jesosy taminy : « Ry Jodasy, fanorohana va no amadihanao ny Zanak'olona » ? 49 Ary izay teo aminy, raha nahita izay efa hanjo, dia nanao hoe : « Tompoko, hamely amin'ny sabatra va izahay » ? 50 Ary ny anankiray teo aminy dia nikapa ny mpanompon'ny mpisoronabe ka nahafaka ny sofiny ankavanana. 51 Fa i Jesosy namaly ka nanao hoe : « Aoka ihany na dia izao aza ». Dia nanendry ny sofiny lzy ka nahasitrana azy.

47 Il parlait encore quand une foule arriva. Celui qui s'appelait Judas, l'un des douze, marchait devant elle. Il s'approcha de Jésus pour l'embrasser. 48 Jésus lui dit : « Judas, c'est par un baiser que tu trahis le Fils de l'homme » ! 49 Voyant ce qui allait arriver, ceux qui étaient avec Jésus dirent : « Seigneur, devons-nous frapper avec l'épée » ? 50 Et l'un d'eux frappa le serviteur du grand-prêtre et lui emporta l'oreille droite. 51 Mais Jésus prit la parole et dit : « Laissez faire, arrêtez » ! Puis il toucha l'oreille de cet homme et le guérit.

Fanamarihana 2 : – Commentaires 2 :

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 402 (mitovy feo amin'ny hira 331) : Ory sady mitomany :

Ory sady mitomany Aho, ry Jesosy ô,
Fa tsaroako izany vesatry ny heloko.
Koa mba todihonao, raiso ho mpianatrao,
Ny fanahiko sitrano, atsaganonao ka tano !

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : Lio. 22, 52-53 :

52 Ary hoy i Jesosy tamin'ny lohan'ny mpisorona sy ny lehiben'ny mpiambina ny Tempoly ary ny loholona izay tonga hisambotra Azy : « Mivoaka mitondra sabatra sy langilangy toy ny hisambotra jiolahy va ianareo ? 53 Raha teo aminareo isan-andro Aho, dia tsy naninji-tànana Tamiko ianareo, fa izao no fotoanareo sy herin'ny maizina ».

52 Jésus dit ensuite aux chefs des prêtres, aux chefs des gardes du Temple et aux anciens qui étaient venus pour l'arrêter : « Vous êtes venus comme pour un brigand, avec des épées et des bâtons. 53 J'étais tous les jours avec vous dans le Temple et vous n'avez pas mis la main sur Moi. Mais c'est maintenant votre heure et celle du pouvoir des ténèbres ».

Fanamarihana 3 – Commentaires 3 :

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny mpitondra antsika - *pour nos dirigeants*
- ho an'ny Mpitandrina – *pour les pasteurs*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 407, 1-2 : Ô, ry Raiko, izay malala :

1. Ô, ry Raiko, izay malala : tonga aho zanakao,
Izay nania fa adala ka mifona aminao.
Mamela ny fahotako teo anatrehanao
Ary ny fahadalako, aza mba tsarovanao !
2. He, izaho nanantena izao fiainana izao,
Ka nandà ny Famonjena izay lazain'ny Teninao.
Kanjo hitako tokoa fa izao tontolo izao
Tsy mba mana-java-tsoa hampiadana ny ao.

FANDRAVONANA – CONCLUSION :

Teksta – Texte : Filipiana (Philippiens) 2, 5-11 :

5 Aoka ho ao aminareo izao saina izao, izay tao amin'i Kristy Jesosy koa, 6 izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra. 7 Fa nofoanany ny Tenany tamin'ny nakany ny endriky ny mpanompo sy ny nahatongavany ho manam-pitoviana amin'ny olona. 8 Ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona lzy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny Hazo-Fijaliana. 9 Koa izany no nanandratan'Andriamanitra Azy indrindra sy nanomezany Azy ny Anarana izay ambony noho ny anarana rehetra, 10 mba ho amin'ny Anaran'i Jesosy no handohalehan'ny lohalika rehetra, na ny any andanitra, na ny ety an-tany, na ny any ambanin'ny tany, 11 sy haneken'ny lela rehetra fa i Jesosy Kristy no Tompo ho Voninahitr'Andriamanitra Ray.

5 Que votre attitude soit identique à celle de Jésus-Christ : 6 Lui qui est de condition divine, Il n'a pas regardé son égalité avec Dieu comme un butin à préserver, 7 mais Il s'est dépouillé Lui-même en prenant une condition de serviteur, en devenant semblable aux êtres humains. Reconnu comme un simple homme, 8 Il s'est humilié Lui-même en faisant preuve d'obéissance jusqu'à la mort, même la mort sur la Croix. 9 C'est aussi pourquoi Dieu L'a élevé à la plus haute place et Lui a donné le Nom qui est au-dessus de

*tout nom **10** afin qu'au Nom de Jésus chacun plie le genou dans le ciel, sur la terre et sous la terre **11** et que toute langue reconnaisse que Jésus-Christ est le Seigneur, à la Gloire de Dieu le Père.*

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô, izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !
*Notre Père qui es aux cieux,
Que ton Nom soit sanctifié,
Que ton Règne vienne,
Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.
Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.
Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.
Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.
Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

Tso-drano – Bénédiction :

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !
Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !
Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !
Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !
Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !
Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !

Fanirahana - Envoi :

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.
Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !

Fiangonana (Assemblée) : Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu.* Amen !

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !